

Ny fitandrovana ny tontolo iainantsika sy ny fandrosoana lovain-jafy, dia tsy vitan'ny olona samy irery no tsy vitan'olom-bitsy ihany koa fa ilana vola aman-karena mba ahafahana mividy ireo fitaovana maro isan-karazany ilaina amin'izany sy ireo fandaniana tsy maintsy atao toy ny fampandehan-draharaha eo amin'ny ministera foibe sy ireo rantsana misy any amin'ny faritra.

Raha ny zava-misy manko no jerena sy asian-teny dia mbola tsy ampy ny eo am-pelatanan'ny ministera amin'izao, ary toy izany koa ny fahafahana ho an'ireo rantsana misy eny ifotony ka tokony ampitomboina mba hahatratrarana ireo tanjona tiana ho tratarina sy ho tombontsoan'ny tanindrazantsika.

Ka hoy aho hoe : Ry fanjakana foibe o, ry ministera tompon'andraikitra ! Vatsio, tohano, ampiroboroboy ny sahatrin' ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy. Satria raha io sehatra io no ataontsika tsirambiny na faralahin-tsehatra eo amin'ny fampandrosoana tiantsika ho tratarina eto amin'ny firenena dia ho maro ny olana mety hitranga toy ny fahapotehan'ity nosy malalantsika ity sy ny fijalian'ireo taranatsika any afara. Ary haintsika tsara fa na eo aza ny eritreritra sy ny vina ary ny fahazotoana hampiroborobo ny lafin'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy eto Madagasikara dia tsy ho tanteraka velively izany raha ny vola ho enti-miasa no tsy misy ary izany dia misy fiantraikany betsaka amin'ireo rantsana misy eny ifotony amin'ireo ezaka maro tiana hatao.

Fantantsika loatra manko fa raha io sehatra iray io no tsy voakarakara araka ny tokony ho izy dia maro be ireo zavatra mety hitranga : tsy hiteny fotsiny aho hoe : aretina, haintany, olan'ny fambolena sy fiompiana,...Ka mazava tsara izany fa raha ataontsika ambanin-javatra ny resaka tontolo iainana dia hiteraka fahasahiranana ho an'ny sehatra maro toy ny fahasalamana, toetr'andro, fampianarana, fambolena, fiompiana, fizahantany, fitaterana...Izany hoe maro be ireo sehatra miankina amin'io sehatra io ka tokony omen-danja kokoa ary atao loha laharana sy miavaka amin'ireo sehatra na ministera hafa misy eto amin'ny firenena mba hitsinjovana ireo sehatra miankina aminy ireo.

Eo amin'ny lafiny fampianarana izao dia fantantsika loatra ny zava-misy any atsimo'ny nosy, vokatry ny haintany dia manjaka ny kere ka lasa ambany ny tahan'ny fampianaran-jaza sy ny taham-pahafahana satria araka ny fomba fiteny manao hoe : « Raha noana ny kibo dia mivezivezy ny fanahy ».

Raha ny eo amin'ny ny fambolena sy fiompiana indray no resahina dia mbola ny any atsimo ihany no itaritana ny resaka dia haintany izy. Vokatrin'ny haintany dia tsy azo volena firy ny tany satria tsy ampy rano ary ny fiompiana koa dia misedra olana noho izany.

Toy izany koa ny eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana, noho ny haintany dia mampanahy ny fahasalamaman'ny olona satria rano tsy azo antoka loatra no sotroiny.

Eo amin'ny lafiny fizahantany dia iaraha-malala fa isany mahasintona ny mpizaha tany ny fananantsika ireo karazam-biby, vorona, hazo izay tsy misy any ivelany, nefo raha izy ireny no tsy voakarakara sy tsy arovantsika fatratra dia ho lany tamingana ka hihavitsy ny mpizaha tany ho tonga aty amintsika. Mazava ho azy fa misy fiantraikany any amin'ny lafiny ara-toekarena izany.

Koa eto am-pamaranana dia mbola tiana ihany ny mamerina sy manamafy fa tokony hampiana amin'ny lafiny rehatra ny sehatrin'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovain-jafy mba ho fintsinjovana ireo sehatra maro be izay miankina aminy mba hahatratrarantsika ireo vina napetraka.

RABEMIHAJA Emmanuel Christo, mpianatra, 24 taona.

Contact: 034 74 092 62 / 032 44 080 98